**Andro fivavahana sy fifadian-kanina**

**Boky tari-dalana**

**Loha-hevitra : Mpitolona amim-bavaka manova izao tontolo izao**

*Fivavahana manova ny olona*

Telovolana fahatelo 2019

Sabata 6 jolay 2019

Fifohazana sy Fanavaozana

**Loha-hevitra : Mpitolona am-bavaka manova izao tontolo izao**

### *Fivavahana manova ny olona*

**Inona no antony ilàna ny andro fifadian-kanina sy fivavahana ?**

Alaivo sary an-tsaina fa ianareo dia ray aman-dreny izay tsy maintsy handao ny zanakareo, ary tsy hihaona amin'izy ireo intsony raha tsy any amin'ny fanjakan'ny lanitra indray. Inona no zava-dehibe indrindra tokony holazainareo amin'izy ireo?
Nanana izany olana izany i Jesosy raha izy niomana hiverina any an-danitra iny rehefa avy nohomboina teo amin'ny hazo fijaliana. Inona no enta-mavesatra farany nozarainy tamin'ny mpianany ? Rehefa mamaky ny vavaka sy ny toro-hevitra farany nomeny ao amin'ny Jaona 15-17 isika dia hahatsikaritra fa misy loha-hevitra miverimberina ao : firaisan-kina, fitiavana ary ny fitadiavana an'Andriamanitra amin' ny alalan'ny vavaka. Fanirian'i Jesosy ny hahita ny fiangonana vao nijoro hanana tanjona iraisaina, hisy firindrana eo anivony ary hanatanteraka iraka miaraka. Ankehitriny, ao anatin'ny tsy fitoviam-pijery izay tsy mbola nisy toy izany teto amin'izao tontolo izao, teo amin'ny firenentsika sy ny fiangonantsika, dia ilaintsika koa ny hihaino ny toro-hevitra avy amin'i Jesosy ny amin'ny hikatsahana ny Fanahiny sy ny hiarahan'ny rehetra manatanteraka ny iraka. Amin'ny maha-olombelona dia toa tsy ho vita izany. Izany indrindra no antony ilàntsika mivavaka mbola tsy nisy toy izany tany aloha mba hisian'ny fahagagan'ny fampihavanana izay Andriamanitra irery ihany no afaka manao izany.
Manasa anareo izahay mba hivavaka ao amin'ny toerana voatokana fanaovanareo izany. Manasa anareo izahay mba hivavaka miaraka amin'ny mambran'ny fiangonana misy anareo. Manasa anareo koa izahay mba hivavaka sy hifady hanina ao anatin'ny sehatry ny Fifohazana sy Fanavaozana maneran-tany. Mety tsy hisafidy ny hifady hanina tanteraka ianareo. Angamba mety hifady tsy hihinana ny tsindrin-tsakafo ianareo na ny fikirakirana ny fifandraisana eo amin'ny tambazotra ara-tsosialy na koa hampihena ny fihinananareo na hihinana sakafo vita avy amin'ny zavamaniry.
« Manomboka izao ka hatramin'ny fifaranan'ny fotoana, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, ho malina kokoa, tsy hiantehitra amin'ny fahendren'ny tenany, fa amin'ny fahendren'Ilay Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana fotoana hifadian-kanina sy hivavahana izy ireo. » (Ellen White, Review and Herald, Feb. 11, 1904).
Noho ny safidinareo hifantoka lalindalina kokoa amin'ny fivavahana, dia hitahy anareo anie Andriamanitra sy hanatanjaka ny fonareo amin'ireo andro feno fihaikana ho avy rehetra.

Cindy Tutsch.
Komitin'ny Fifohazana sy Fanavaozana

**Soso-kevitra mikasika ny drafitra arahina**

**Fandaharam-potoana mandritra ny tontolo andro :**

- Fandinihan-tena/toriteny : « Fivavahana manova ny olona. » Azo atao toriteny amin'ny Sabata maraina na atao ho fandinihan-tena mialoha ny fotoana natokana hivavahana.
- Raha atao toriteny amin'ny Sabata maraina izany, dia indro misy soso-kevitra mikasika ny toko sy andininy fototra sy ny tantara ho an'ny ankizy.
- Omena antsika ato anatin'ity tari-dalana ity ny soso-kevitra mikasika ny fotoam-bavaka amin'ny tolakandro. Mampirisika izahay mba haharitra eo amin'ny ora 1-2 izany, avelao ny Fanahy Masina no hitarika.
- Asao ny mambran'ny fiangonana mba hiaraka hivavaka sy hifady hanina. Manaova dika mitovy betsaka ary zarao izay tsara ho fantatra mikasika ny fifadian-kanina fara-faharatsiny herinandro mialoha mba hahatakaran'ny mambra izany hoe mifady hanina sy mivavaka izany sy mba hahazoan'izy ireo misafidy ny fomba handraisany anjara amin'io andro io.

**Vakiteny fototra :** Efesianina 3:14-21

**Soso-kevitra mikasika ny tantara ho an'ny ankizy :**
Tantarao ny fanandraman'ny fiangonana voalohany rehefa nivavaka ho an'i Petera tao an-tranomaizina izy ireo.
Vakio ny Asan'ny Apostoly 12:1-16. Tsindriana ireto teboka manaraka ireto :

- Nanao vavaka iombonana ho an'i Petera ny fiangonana rehefa tao an-tranomaizina izy.
- Namaly ny vavaka nataon'izy ireo Andriamanitra sady nanafaka an'i Petera.
- Talanjona izy ireo rehefa tonga teo ivelan'ny trano izay nivorian'izy ireo i Petera.
- Nitady an'i Petera i Heroda kanefa tsy nahita azy. Narovan'Andriamanitra izy noho ny vavaka nataon'ny fiangonana.

Angataho ny ankizy mba hivavaka ho an'ireo olona tiany hivavahana sady manao vavaka fohy miaraka amin'izy ireo.

# TORITENY / FANDINIHAN-TENA

### Fivavahana manova ny olona

Sary manao ahoana no ao an-tsainao ao mikasika ny “mpitolona am-bavaka?” (Azonao apetraka izany fanontaniana izany ary avelao ny olona hamaly.)

Raha tena tso-po isika, maro amintsika no mahita sarina vehivavy efa antitra iray mivavaka miaraka amin’ny Baiboliny eo ambonin’ny lohaliny. Tsy tena mahazatra antsika ny mampiasa sarin’olona tena mitovy amin’ireny “mpiady” ireny. Ny diksionera Merriam-Webster.com dia mamaritra ny atao hoe mpiady toy izao : “olona izay mandray anjara amin’ny ady na miady; amin’ny ankapobeny, dia olona izay manana tolona atao na tafiditra ao anatin’ny fifanandrinana.

“Mandray anjara amin’ny ady ve isika?” “Miatrika tolona na fifanandrinana ve isika?”

Rehefa mivavaka ho an’ny hafa isika, moa ve isika mahita ny tenantsika ho toy ny mpiady? Tafiditra ao anatin’ny fifanandrinana ve isika? Tiantsika ve raha tena hisy akony marina eo amin’ny fiainan’ny olona ny vavaka ataontsika?

Nanao izany i Paoly. Ireo taratasy nosoratany ho an’ny fiangonana voalohany dia nahitana taratra izay tao am-pony sy fitiavana manokana ireo mpanara-dia an’i Kristy vaovao. Nanao vavaka goavana ho azy ireo izy – vavaka izay nifototra tamin’ny fahalalana sy ny fahatakaran’izy ireo an’Andriamanitra, vavaka izay hitondra fitomboana ho azy ireo.

“Misaotra an'Andriamanitro mandrakariva ny aminareo aho noho ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena anareo ao amin'i Kristy Jesosy, dia ny nampanananana harena anareo ao aminy amin'ny zavatra rehetra, na ny teny rehetra, na ny fahalalana rehetra, araka ny niorenan'ny filazana an'i Kristy teo aminareo, ka dia tsy latsaka amin'ny fanomezam-pahasoavana rehetra ianareo, miandry ny fisehoan'i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay hampiorina anareo koa hatramin' ny farany, ka dia tsy hanan-tsiny ianareo amin'ny andron'i Jesosy Kristy Tompontsika.” (1 Kor. 1:4-8).

“(Izaho) dia tsy mitsahatra misaotra noho ny aminareo ka mahatsiaro anareo amin'ny fivavahako, mba homen'Andriamanitr'i Jesosy Kristy Tompontsika, Rain'ny voninahitra, ho anareo ny fanahin'ny fahendrena sy ny fanambarana amin'ny fahalalana Azy tsara, ary mba hampahiratina ny mason'ny sainareo, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin'ny fiantsoany sy izay haren'ny voninahitry ny lovany eo amin'ny olona masina, ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fiàsan'ny herin'ny faherezany, izay nataony tao amin'i Kristy tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty sy ny nampitoerany Azy eo amin'ny tànany ankavanana any an-danitra,” (Efesianina 1:16-20).

“Ary izao no angatahiko, dia ny mbola hitomboan'ny fitiavanareo bebe kokoa amin'ny fahalalana tsara sy ny fahafantarana rehetra, mba hamantaranareo izay zavatra tsara indrindra*, mba ho madio am-po ary tsy hanan-tsiny ho amin'ny andron'i Kristy ianareo, [* Na: samy hafa] sady feno ny vokatry ny fahamarinana, izay avy amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, ho voninahitra sy fiderana an'Andriamanitra.” (Efesianina 1:9-11).

« Ary noho izany izahay koa hatramin'ny andro nandrenesanay dia tsy mitsahatra mivavaka sy mangataka ho anareo, mba hofenoina fahalalana tsara ny sitrapony ianareo amin'ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina rehetra avy amin'ny Fanahy, mba handehananareo miendrika ny Tompo, hanaovana ny sitrapony amin'ny zavatra rehetra, dia mahavokatra amin'ny asa tsara rehetra sady mitombo amin'ny fahalalana tsara an'Andriamanitra, ary ampahatanjahina amin'ny hery rehetra araka ny herin'ny voninahiny ho amin'ny faharetana rehetra sy ny fandeferana amin'ny hafaliana » (Kolosianina 1:9-11).

“Ary noho izany no andohalehako amin'ny Ray Izay ahazoan'ny fianakaviana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany anarana, mba homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny, ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo; mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana, ka hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana ianareo, mba hahaizanareo mbamin'ny olona masina rehetra ny hahafantatra tsara izay sakany sy lavany ary hahavony sy halavany, ary hahalala ny fitiavan'i Kristy, izay mihoatra noho ny fahalalana, mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra.” (Efesianina 3:14-19).

Tsy fivavahana mahazatra tahaka ny fanao mahazatra isaky ny fiaraha-mivavaka fanao amin’ny Alarobia hariva ireo vavaka ireo. Paoly dia niady ho an’ny fanapariahana ny Filazantsara, niady ho an’ireo izay nampianariny sy notarihany ho amin’ny fiovana teo amin’ny fiainany noho ny fifandraisan’izy ireo tamin’i Kristy. Nivavaka tamin-kery izy ary nino fa Andriamanitra dia afaka hanao zava-dehibe ho valin’ny vavaka nataony.

Tsy misy maha-ratsy ny mivavaka ho an’ny fanasitranana ara-nofo, ny fandidiana, ny asa sy ny ara-bolan’ireo olona tiana – izany hoe ireo karazana fangatahana ataontsika mandritra ny fotoana fiaraha-mivavaka sy ny fangatahana antom-bavaka manokana mandritra ny fanompoam-pivavahana amin’ny Sabata maraina. Andriamanitra dia manasa antsika mba hivavaka ho an’ireo zavatra izay mahakasika antsika. Ilaintsika ihany koa anefa ny manao vavaka mafana ho an’ny hafa, ho an’ny fifandraisan’izy ireo amin’Andriamanitra, sy ny mba hisian’ny akon’izany eto amin’ity izao tontolo izao ity. Ho an’ny hafa no nanaovan’i Paoly ireo vavaka ireo, ary rehefa nivavaka izy dia nampifandray izany tamin’ny fiheverana ny mandrakizay.

Matetika loatra dia adinontsika fa miaina ao amin’ny tany fiadiana isika. Manana fahavalo izay mitady ny hanapotika antsika isika. Tsy miezaka fotsiny izy mba haka fanahy antsika hanota. Ny Baiboly dia manambara mazava amintsika fa izy dia mitady ny hamono sy hangalatra ary hanapotika. Matahotra izay zavatra mety mitranga izy rehefa mino izay nolazain’Andriamanitra mikasika antsika isika, dia Ilay Andriamanitra izay nilaza fa Izaho no Izy, sady niantso antsika ihany koa mba hanana fiainana izay hisy akony eto amin’ity izao tontolo izao ity. Manao izay rehetra azony atao mba hanakiviana antsika ny fahavalo, mba hahatonga antsika hifantoka amin’ny zavatra hafa fa tsy amin’Andriamanitra – fahitalavitra, aterineto, tambazotra ara-tsosialy, asa, fikolokoloana ny vatana, namana, sns… Tiany ny hahatonga antsika hiaina ao anatin’ny tahotra sy ny tsy fitonena.

Ataony izay tsy hahatonga antsika hanao vavaka mafana ho an’ny hafa – mba tsy hahatonga antsika tena hiady mafy ho an’ny hafa sy ho an’ny famonjena azy ireo. Niady ho an’ny hafa i Paoly tamin’ny alalan’ny fivavahana ho azy ireo noho ireto antom-bavaka manokana ireto:

1. **Naneho fisaorana ireo olona izay nivavahany i Paoly.** Matetika izy no nanomboka ny vavaka nataony tamin'ny fanehoana fisaorana ireo olona izay nivavahany. "tsy mitsahatra misaotra noho ny aminareo ka mahatsiaro anareo amin'ny fivavahako" aho hoy izy. Nizara ireo zavatra manokana nisaorany azy ireo izy. Misy zavatra miova ao amin'ny fisainantsika sy ny fontsika rehefa manomboka amin'ny fisaorana isika. Rehefa manolotra fisaorana ny fianakaviantsika isika, na ny namantsika, na ny mpiara-miasa amintsika, na ireo olona manahirana izay mifanehatra amintsika, na koa ireo olona eo anivon'ny fiaraha-monina izay nanomezan'Andriamanitra tombontsoa antsika mba hifandraisantsika amin'izy ireo, dia mitarika antsika mba hanana fijery hafa mikasika azy ireo izany. Amin'izay dia ho hitantsika bebe kokoa araka ny fomba fijerin'Andriamanitra izy ireo.
2. **Nivavaka i Paoly mba hananan'izy ireo fifandraisana amin'Andriamanitra.** Tamin'ny vavaka izay nataony, dia nangataka fahendrena, fahalalana, fahatakarana ary fahaiza-manavaka ho an'ireo izay nivavahany izy. Niriny ny hahafantaran'izy ireo an'Andriamanitra, ny Hareny, ny Heriny, ny Voninahiny ary ny fanantenana azo avy amin'ny fanekena sy ny finoana ny maha-Andriamanitra an'Andriamanitra sy ireo teny fikasana nampanantenainy. Nivavaka ihany koa izy mba hahatakaran'izy ireo ny fitiavan' Andriamanitra, amin'ny filazana amin'izy ireo fa ny fitiavan'Andriamanitra dia mihoatra noho ny fahalalana rehetra – lehibe lavitra noho izay mety ho tsapantsika sy takantsika izany.
3. **Nivavaka i Paoly mba hananan'izy ireo hery miasa mangina eo amin'izao tontolo izao manodidina azy ireo.** Nivavaka izy ny mba hitomboan'ny fitiavan'izy ireo hatrany hatrany, sy ny mba hahatonga azy ireo ho tso-po sy tsy hitondra fanafintohinana ary koa ny mba hahaizan'izy ireo mankasitraka ny zavatra tena tsara sy mba hahatonga azy ireo ho fenon'ny vokatry ny fahamarinana. Nangataka tamin'Andriamanitra izy mba hahatonga azy ireo hamokatra amin'ny asa tsara rehetra. Niriny ny hahita azy ireo manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra sy mizara ny finoan'izy ireo amim-pahombiazana.

Azontsika atao ihany koa ny mivavaka ho an'ny olona tahaka izay nataon'i Paoly, mampiasa ny ohatra nomeny sy ny manao vavaka amin'ny Soratra Masina araka izay hita ao amin'ny vavaka nataony.

1. **Manomboha amin'ny fisaorana.** Rehefa mivavaka ho an'ny olona manokana isika, dia misaora azy ireo. Derao Andriamanitra mikasika ny zavatra manokana nataony ho azy ireo sy ny fomba izay ahitanao an'Andriamanitra miasa amin'ny alalan'izy ireo.

2. **Mivavàha ho an'ny dia ara-panahin'izy ireo.** Azontsika atao ny mangataka zavatra betsaka ho an'ny hafa – asa, fifandraisana, ara-bola, fahasalamana, … Tsy misy zava-dehibe mihoatra noho ny fifandraisan'izy ireo amin'Andriamanitra anefa. Tsy tadidintsika matetika izany raha tsy mivavaka ho an'ny famonjena ho azy ireo isika. Paoly dia nivavaka ho an'ireo olona izay efa nanolotra sahady ny fiainany ho an' Andriamanitra. Moa tsy azonao antoka ve ny zavatra tokony hivavahanao? Ampiasao ny vavaka izay nataon'i Paoly sy ny Soratra Masina ho tari-dalana, mivavaka amin' Andriamanitra amin'ny alalan'ny teniny, rehefa manao vavaka manokana ho an'ny isam-batan'olona izay ivavahanao ianao. Andriamanitra ô, misaotra Anao aho ny amin'ny (anaran'ilay olona) sy noho ny fahasoavanao izay nomenao an'i (anaran'ilay olona) tamin'ny alalan'i Kristy Jesosy. Mangataka Anao aho mba hampanankarena an'i (anaran'ilay olona) amin'ny teny sy ny

fahalalana rehetra, mba hanamafy orina ny fanehoana Anao eo amin'ny fiainan'i (anaran' ilay olona), ka tsy ho latsaka amin'ny fanomezam-pahasoavana rehetra anie izy, miandry ny fisehoan'ny Jesosy Kristy Tompo. Ataovy izay hahatonga an'i (anaran'ilay olona) tsy hanan-tsiny amin'ny andro isehoan'i Jesosy Kristy Tompo. (Namboarina avy tamin'ny 1 Kor. 1:4-8).

3. **Mivavàha mba hisy akony eo amin'ny hafa ny hery miasa manginan'izy ireo.** Mivavàha mba hisy akony eo amin'ny hafa ny hery miasa manginan'izy ireo sy mba hahazoan'izy ireo maneho an'i Kristy. Mivavàha ho an'ny fanomezam-pahasoavana ananan'izy ireo sy mba hahaizan'izy ireo manararaotra ny fampiasana izany ho an'ny hafa. Mivavàha mba ho hita eo amin'ny fiainan'izy ireo ny vokatry ny Fanahy. Angataho Andriamanitra mba hitondra ho eo amin'izy ireo olona izay hiasan'izy ireo sy hanome azy ireo maso hahita ireo toe-zavatra tokony hararaotina amin'izany.

Rehefa mivavaka tahaka izay nataon'i Paoly ianao, dia minoa fa hihaino sy hamaly izany Andriamanitra. Aoka ianao hahatsiaro fa mpitolona am-bavaka, miady ny adin'ireo olona izay entin'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao. Takio ireo teny fikasany mba hahazoanao mivavaka amin-kery, amin'ny fanekenao fa mpiara-miasa amin'Andriamanitra ianao mba hahazoana ny fo sy ny fanahin'ny olona hafa ho Azy.

"Ary matoky indrindra aho fa Izay nanomboka asa tsara ao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin'ny andron'i Jesosy Kristy." (Filipianina 1:6).

**Fandaharam-potoana amin'ny tolakandro**

**Toerana :** Mivory ao am-piangonana ny rehetra, na raha toa ka kely ny tarika misy anao, dia azonareo atao ny mivory amin'ny toerana izay mampahazo aina anareo tsy misy fanelingelenana.
**Fanombohana:** Ny hira na feon-javamaneno mandrakariva no manasa ny olona sy manomana azy ireo. Atombohy amin'ny hira vitsivitsy izay ankafizin'ny olona ny fotoana mba hanomana ny fiangonana ho amin'ny rivo-piainana feno fanajana sy hampirisika azy ireo hitady an' Andriamanitra.
**Fiarahabana :** Ny mpitarika no miarahaba ny olona sady manao teny fampidirana :

- Natao hivavahana sy hikatsahana an'Andriamanitra ity fotoana ity.
- Tehirizina ho tsiambaratelo ny zavatra rehetra eto ary tsy tokony aparitaka any ivelan'ity efitrano ity.
- Mihoatra noho ny teny aloaky ny vavantsika fotsiny ny fivavahana. Takio amin'Andriamanitra ny teny fikasana voarakitra ao amin'ny Soratra Masina. Manaova hira andininy iray na roa iarahan'ny rehetra.
- Ataovy izay hampahazo aina anareo – mipetraka, mitsangana, mandohalika, sns.
- Aza angonina mialoha ny antom-bavaka. Hazavao fa fotoanan'ny fivavahana izao fa tsy firesahana, noho izany dia ilaina ny mivavaka amin'ny fotoana natokana ho amin'izany.
- Rehefa misy olona mivavaka ho an'ny antom-bavaka manokana na olona iray, dia asaina ny hafa mba hanandratra vavaka amin'ny feo mafy ho an'izany antom-bavaka izany. Misy hery amin'ny fihainoana ny vavaka ataon'ny hafa rehefa mivavaka ho an'ny antom-bavaka manokana na ho an'ny olona ao am-pony izy ireo.
- Satria mifantoka amin'ny  vavaka ho an'ny hafa isika amin'ity tokakandro ity, dia ampahatsiahivo ireo mpandray anjara fa fotoam-bavaka ity fa tsy natao hifosana ny hafa. Tsy ilaina ny mizara ny antsipiriany na ireo tsiambaratelo.
- Ny lohahevitra amin'ity tolakandro ity : « Ireo fivavahana manova ny olona. » Amin'ny fampiasantsika ny ohatra nomen'i Paoly, dia hivavaka ho an'ny fianakaviana, namana, isika samy isika ary ny fiaraha-monina misy antsika isika.

**Tari-dalana ho an'ny mpitarika:**

- Tadidio fa tsy misy maharatsy ny fahanginana amin'ny fotoanan'ny fivavahana. Mandritra ny fivavahana, dia aoka tsy hisy hahatsapa fa ilaina ny mameno ny banga na faranana mialoha ny fotoana ny vavaka. Mety misy olona manararaotra iny fahanginana iny hanaovany vavaka manokana sy haingana, ny sasany kosa dia mety mila fotoana kely vao afaka manonona vavaka amin'ny feo mafy. Rehefa tonga ny fahanginana, dia avelao amin'izao fotsiny. Manisà fotsiny segondra vitsivitsy – eny hatramin'ny 30 segondra aza – mba hahafahan'ny Fanahy Masina mandrisika olona hivavaka.
- Raha toa ka tsy zatra miara-mivavaka ao anatin'ny tarika, ao anatin'izany ny Soratra Masina atao vavaka sy ny fihirana mandritra ny fotoam-bavaka ny fiangonanao, dia mila manome ohatra amin'ny fitarihana ianao. Azonao atao koa ny mangataka olon-kafa alohan'ny fotoana mba hitarika hanome ohatra amin'ny alalan'ny Soratra Masina atao vavaka na amin'ny fitarihana hira mandritra ny fotoam-bavaka. Na dia ny fiaraha-mivavaka aza no laharam-pahamehana dia araraotina ihany koa ny fotoana mba hahafahana mampianatra ny olona ny fomba fivavahana ao anatin'ny tarika iray.

**Fotoam-bavaka :** Zaraina ny tari-dalana mikasika ny “Fivavahan’i Paoly.” Ny mpitarika dia tokony hanome anjara ny mpanatrika, sady mampiasa ny tari-dalana.
**Famaranana:** Faranana amin’ny fiderana sy ny fisaorana ny fotoam-bavaka. Farano amin’ny hira iray na roa mifantoka amin’ny fiderana an’Andriamanitra ny fotoana amin’ny tolakandro.

Mety misy fiangonana vitsivitsy misafidy ny hiara-misakafo ho famaranana ny fotoanan’ny fifadian-kanina. Aoka mba hatao tsotra ny sakafo, fa atao kosa izay hahatonga ny latabatra hanintona mba hisian’ny rivo-piainana manokana sy mahafinaritra.

**Fivavahana ho an'ny olona**

**Tari-dalana**

**Fanombohana:** Atombohy amin'ny alalan'ny fanokanana ny fotoana ho an'Andriamanitra izany. Asao Andriamanitra mba ho Azy ny hery sy ny fahefana rehetra, hanetsika ny fo, handresy lahatra, hampahery, hametraka fihaikana ary koa hanamafy orina. Manasà olona vitsivity hanao vavaka fanoloran-tena sy fileferana tanteraka amin'Andriamanitra amin'ny fanomezana ny fotoana ho Azy manontolo sy fangatahana Azy hitarika izany. Angataho Izy mba hanampy antsika tokoa amin'ny fiankohofana Aminy sy amin'ny fianarana hitoky Aminy amin'ny ady tsirairay izay atrehintsika.

**Fahatsiarovana fa miady.** Ampahatsiahivo ny mpandray anjara fa misy fahavalo izay mitady hamotika antsika sy ireo olona izay hivavahantsika. Mpitolona am-bavaka isika, miara-miasa amin'Andriamanitra hiady ho an'ny famonjena ireo olona izay nankininy tamintsika.

**Manomboha amin'ny fisaorana.** Asao ny olona mba hanao vavaka fisaorana iombonana, ho an'ny fiangonana aloha, ho an'ny fiaraha-monina ary ireo olona izay irin'Andriamanitra mba ho tratran'ny hafatry ny filazantsara. Ampahatsiahivo izy ireo fa azon'izy ireo atao ny mitaky ny vavaka fisaorana nataon'i Paoly, raha mila fanampiana izy ireo. (Omeo ny dika mitovin'ny an-dalan-teny ao amin'ny Soratra Masina ny olona tsirairay.)

**Mivavàha mba hananan'izy ireo firaisana amin'Andriamanitra**. Avelao ny olona hanao vavaka mangina – fara-fahakeliny 10 mn – ao amin'ny Soratra Masina sy hangataka manokana amin'Andriamanitra ireo olona izay tokony hivavahany. Manomeza ohatra ny amin'ny fomba fivavakao. Ampirisiho koa ny olona hivavaka hangataka fahendrena, fahalalana, fahatakarana, fahaiza-manavaka, fahafantarana an'Andriamanitra – ny hareny, ny heriny, ny voninahiny sy ny fitiavany – amin'ny fanantenana vokatry ny fahafantarana ny maha-izy an'Andriamanitra sy ny finoana izay rehetra nampanantenainy.

Mivavaha ho an'ny olona mba hahafantarany manokana an'Andriamanitra. Matetika aho no mivavaka mba hahalalan'ny olona Azy akaiky kokoa amin'ny maha-olona azy. Mivavàha mba hanehoan'Andriamanitra ny tenany amin'ny fomba tsy azo lavina, maneho ny fitiavany azy ireo amin'ny fomba mahery vaika. Azonareo atao ihany koa ny mivavaka ho azy ireo mba hananany hetaheta hianatra sy hivavaka ary ny hanokafan'Andriamanitra ny Teniny amin'izy ireo sy mba hanomezany azy ireo fahendrena sy fahatakarana. Mivavàha ihany koa ho an'ny firotsahan'ny Fanahy Masina.

Asao ny olona mba hanao vavaka manokana ho azy ireo. Ampiasao ny ohatra nomen'i Paoly ho fanombohana kanefa tsindrio fa tsy ireo ihany akory no tokony hivavahana.

**Mivavàha mba hisy fiantraikany amin'ireo olona manodidina azy ny hery miasa mangina ananan'izy ireo.** Andriamanitra dia nanome ny tsirairay avy amintsika fanomezam-pahasoavana sy fahaiza-manao mba hampiasaina, tsy ho fanamafisana orina ny fiangonana fotsiny fa koa mba hahazoana maneho Azy amin'ny hafa. Nanome baiko antsika Izy mba handeha sy hizara izay nataony ho antsika. Asao ny olona mba hanao vavaka iombonana ho an'ny fiangonana sy ho an'ny

fiantraikan'izany eo anivon'ny fiaraha-monina misy azy ireo. Mivavàha ho an'ny vokatry ny Fanahy ho an'ny fiangonana amin'ny ankapobeny. Mivavàha mba hananan'ny fiangonana fitiavana sy vina ho an'ireo izay tsy mbola nihaona tamin'Andriamanitra.

**Faràno amin'ny fitakiana ireo teny fikasana ny fotoam-bavaka**. Rehefa mamarana ny fotoam-bavaka ianareo, dia asao ny olona hisaotra an'Andriamanitra noho ny maha-Izy Azy sy izay zavatra hataontsika aorian'izao fotoam-bavaka izao. Ampirisiho izy ireo mba hitaky ny teny fikasana fa Andriamanitra dia hihaino sy hamaly vavaka.

**Faràno amin'ny fanaovana hira fisaorana na fiderana ny fotoana**.

**Andalan-tSoratra Masina ampiasaina mandritra ny fotoam-bavaka**
**Ireo vavaka nataon'i Paoly**

**Vavaka fisaorana**

"Misaotra an'Andriamanitro mandrakariva ny aminareo aho noho ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena anareo ao amin'i Kristy Jesosy,"(1 Kor. 1:4).

"(Izaho) dia tsy mitsahatra misaotra noho ny aminareo ka mahatsiaro anareo amin'ny fivavahako,"(Efes. 1:16).

"Misaotra an'Andriamanitro amin'ny fahatsiarovako anareo mandrakariva aho amin'ny fivavahako rehetra ho anareo rehetra, ka mangataka amin'ny fifaliana, noho ny firaisanareo hampandroso ny filazantsara hatramin'ny andro voalohany ka mandraka ankehitriny" (Fil. 1:3-5).

« Misaotra an'Andriamanitra, Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika, izahay amin'ny fangatahanay mandrakariva ho anareo, rehefa renay ny finoanareo an'i Kristy Jesosy sy ny fitiavanareo ny olona masina rehetra, noho ny fanantenana izay tehirizina any an-danitra ho anareo, dia ilay efa renareo fahiny tamin'ny tenin'ny fahamarinan'ny filazantsara, » (Kol. 1:3-5).

"Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva izahay ny aminareo rehetra ka manonona anareo amin'ny fivavahanay, sady tsy mitsahatra mahatsiaro ny asanareo amin'ny finoana sy ny fikelezanareo aina amin'ny fitiavana ary ny faharetanareo amin'ny fanantenana an i Jesosy Kristy Tompontsika eo imason'Andriamanitra Raintsika; fa fantatray, ry rahalahy malalan'Andriamanitra, ny fifidianana anareo," (1 Tes. 1:2-4).

"Tsy maintsy misaotra an'Andriamanitra mandrakariva izahay noho ny aminareo. ry rahalahy, fa mahamendrika izany, satria mitombo fatratra ny finoanareo, ary be ny fifankatiavanareo rehetra, ka reharehan'ny tenanay ianareo eny amin'ny fiangonan*'Andriamanitra noho ny faharetanareo sy ny finoanareo amin'ny fanenjehana rehetra izay manjo anareo sy ny fahoriana izay iaretanareo" (2 Tes. 1:3-4).

« Misaotra an'Andriamanitra aho, Izay tompoiko araka ny nataon'ny razako amin'ny fieritreretana madio, fa tsy manam-pitsaharana akory ny fahatsiarovako anao amin'ny fivavahako andro aman'alina; ary maniry hahita anao aho* (satria tsaroako ny ranomasonao), mba ho feno fifaliana aho fa nisy nahatsiarovako ny finoana tsy mihatsaravelatsihy izay ao anatinao, izay nitoetra taloha tao anatin'i Loisa renibenao sy Eonika reninao, ary matoky aho fa ao anatinao koa izany. » (2 Tim. 1:3-5).

"Misaotra an'Andriamanitro mandrakariva aho, raha mahatsiaro anao amin'ny fivavahako, satria reko ny fitiavanao sy ny finoana* izay ananana ho an'i Jesosy Tompo sy ho an'ny olona masina rehetra," (Filemona 4-5).

**Fifandraisana amin'Andriamanitra**

“mba homen'Andriamanitr'i Jesosy Kristy Tompontsika, Rain'ny voninahitra, ho anareo ny fanahin'ny fahendrena sy ny fanambarana amin'ny fahalalana Azy tsara, ary mba hampahiratina ny mason'ny sainareo, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin'ny fiantsoany sy izay haren'ny voninahitry ny lovany eo amin'ny olona masina, ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fiàsan'ny herin'ny faherezany, izay nataony tao amin'i Kristy tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty sy ny nampitoerany Azy eo amin'ny tànany ankavanana any an-danitra,” (Efes. 1:17-20).

« Ary noho izany izahay koa hatramin'ny andro nandrenesanay dia tsy mitsahatra mivavaka sy mangataka ho anareo, mba hofenoina fahalalana tsara ny sitrapony ianareo amin'ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina rehetra avy amin'ny Fanahy, » (Kol. 1:9).

“Ary noho izany no andohalehako amin'ny Ray Izay ahazoan'ny fianakaviana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany anarana, mba homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny, ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo; mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana, ka hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana ianareo, mba hahaizanareo mbamin'ny olona masina rehetra ny hahafantatra tsara izay sakany sy lavany ary hahavony sy halavany, ary hahalala ny fitiavan'i Kristy, izay mihoatra noho ny fahalalana, mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra.” (Efes. 3:14-19).

**Vavaka miantraika any amin'izao tontolo izao**

“dia ny nampananana harena anareo ao aminy amin'ny zavatra rehetra, na ny teny rehetra, na ny fahalalana rehetra, araka ny niorenan'ny filazana an'i Kristy teo aminareo, ka dia tsy latsaka amin'ny fanomezam-pahasoavana rehetra ianareo, miandry ny fisehoan'i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay hampiorina anareo koa hatramin'ny farany, ka dia tsy hanan-tsiny ianareo amin'ny andron'i Jesosy Kristy Tompontsika.” (1 Kor. 1:5-8).

“Ary izao no angatahiko, dia ny mbola hitomboan'ny fitiavanareo bebe kokoa amin'ny fahalalana tsara sy ny fahafantarana rehetra, mba hamantaranareo izay zavatra tsara indrindra*, mba ho madio am-po ary tsy hanan-tsiny ho amin'ny andron'i Kristy ianareo, sady feno ny vokatry ny fahamarinana, izay avy amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, ho voninahitra sy fiderana an'Andriamanitra.” (Fil. 1:9-11).

« Ary noho izany izahay koa hatramin'ny andro nandrenesanay dia tsy mitsahatra mivavaka sy mangataka ho anareo, mba hofenoina fahalalana tsara ny sitrapony ianareo amin'ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina rehetra avy amin'ny Fanahy, mba handehananareo miendrika ny Tompo, hanaovana ny sitrapony amin'ny zavatra rehetra, dia mahavokatra amin'ny asa tsara rehetra sady mitombo amin'ny fahalalana tsara an'Andriamanitra, ary ampahatanjahina amin'ny hery rehetra araka ny herin'ny voninahiny ho amin'ny faharetana rehetra sy ny fandeferana amin'ny hafaliana, » (Kol. 1:9-11).

“Ary izany no angatahinay mandrakariva ny aminareo, mba hataon'Andriamanitsika ho miendrika ny fiantsoana ianareo, ary hotanterahiny amin'ny hery ny fankasitrahana tsara rehetra sy ny asan'ny

finoana, mba hankalazaina ao aminareo ny anaran'i Jesosy Tompontsika, ary ianareo ao aminy kosa, araka ny fahasoavan'Andriamanitsika sy Jesosy Kristy Tompo.” (2 Tes. 1:11-12).

“mba hiasa mafy ho an'i Kristy ny fiombonana avy amin'ny finoanao amin'ny fahalalana tsara ny zavatra rehetra izay ao anatinareo.” (Filemona 6).

**Fanasana ho amin'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana**

« Manomboka izao ka mandra-pahatongan'ny fara-andro, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony hafana fo kokoa, ho mailo kokoa, tsy hatoky ny fahendren'ny tenany, fa kosa hatoky ny fahendren'ny Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana andro maromaro hifadian-kanina sy hivavahana izy ireo. Mety tsy hanao fifadian-kanina tanteraka izy ireo amin'izany, fa kosa tokony hihinana sakafo tsotra, voajanahary ary mahasalama. » (Counsels on Diets and Foods, pp. 188, 189).

« Ao amin'ny Baiboly dia tsy safidy ny fifadian-kanina. Zavatra tsy maintsy atao izany. Tsy nilaza izao ny Matio 6:17, « Raha mifady hanina ianao, » izao kosa no lazainy « Rehefa mifady hanina ianareo. » Ny fifadian-kanina dia anisan'ny tafiditra ao anatin'ny fomba fiainan'ireo mpino, tahaka ny mivavaka sy ny mianatra ny Baiboly. Raha ny marina, ny olo-malazan'ny Baiboly tsirairay dia nifady hanina. … Rehefa dinihina ireo fifadian-kanina ao amin'ny Baiboly, dia ho hitanareo fa amin'ny fotoana rehetra izay hanaovan'ny vahoakan' Andriamanitra fivavahana sy fifadian-kanina, Andriamanitra dia manao asa lehibe amin'ny alalan'izy ireo. Manomboka eo amin'ny fanafahana eo ambanin'ny ziogan'ny fahavalo eo amin'ny ady fanafahana avy amin'ny fonja izay andraisan'ny hery ivelan'ny herin'olombelona anjara, ka mandra-pandrotsaka ny Fanahy Masina tamin'ny Pentekosta, sy ny sisa sy ny sisa, dia mahita modely isika. Ary io modely io dia miverimberina nandritra ny tantaran'ny fivavahana kristianina. » (Melody Mason, United in Prayer Coordinator, General Conference).

Manasa ny mambra isika mba hiaraka amintsika mandritra ny andron'ny fivavahana sy fifadian-kanina ataon'ny fiangonantsika. Asaina manokana ireo izay irintsika mba hahafantatra an'i Kristy amin'ny alalan'ny fifandraisana tena izy hitondra azy ireo ho any amin'ny famonjena sy ny fiainana manolo-tena ho an'Andriamanitra. Aoka hiara-mivavaka ho an'ireo zanatsika, sakaizantsika, fianakaviantsika, mpifanolobodirindrina amintsika, mpiara-miasa amintsika ary ny fiaraha-monina isika.

**Inona no atao hoe « fifadian-kanina? »**

Ny fifadian-kanina dia mihoatra noho ny tsy fihinanan-kanina fotsiny. Raha ny tena izy, ny tena tiana hotsindriana amin'ny fifadian-kanina dia tsy ny handingana sakafo fa ny hampitomboana ny fotoana hivavahana. Ny fifadian-kanina dia safidy hanao zavatra tsy misy na inona na inona mba hahazoana mivavaka sy mifantoka bebe kokoa. Maro no misafidy ny handingana sakafo, kanefa tsy ny olon-drehetra no afaka mifady hanina tanteraka, ary tsy ny olon-drehetra ihany koa no mifidy izany karazana fifadiana izany. Afaka misafidy ny hihinana sakafo tsotra sy malefaka kokoa ianao. Azonao atao koa ny mifady zavatra iray na roa, toy ny tsindrin-tsakafo na sakafo namboarina tamin'ny fomba manokana sy moderina. Ny fifadian-kanina ihany koa dia mety hiseho amin'ny tsy fampiasana tambazotra ara-tsosialy, tsy fijerena fahitalavitra, na koa ny fampiatoana ireo fahazarana mandany fotoana.

Raha misafidy ny mifady hanina tanteraka ianao (ataovy izay ahazoana antoka fa ampy tsara ny rano na ranom-boankazo izay sotroinao), ny fotoana izay lanianao amin'ny fahandroana sy ny fihinana dia atokany ho an'ny fivavahana. Raha mifady zavatra iray na roa ianao, isaky ny alaim-

panahy hihihana izany ianao, dia mivavàha. Isaky ny alaim-panahy hampiasa ny tambazotra ara-tsosialy ianao, dia mivavàha.

Tadidio fa ny fifadian-kanina dia tsy misy antoka fa hovaliana ny vavaka ataontsika amin'ny fomba izay iheverantsika azy. Ny fifadian-kanina dia tsy midika hoe hihaino antsika bebe kokoa Andriamanitra na hamaly antsika bebe kokoa Izy. Ny fifadian-kanina dia mikasika izay mitranga ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika. Izany dia mahatonga antsika hahatsapa bebe kokoa ny fahalementsika ary hiankina bebe kokoa amin'Andriamanitra. Ny fifadian-kanina dia mahatonga antsika hanana fironana bebe kokoa amin'ny fivavahana sady mampahatsiahy antsika ny amin'ny tokony hivavahantsika amin'ny fontsika manontolo.

Manasa anao izahay mba hivavaka sy hangataka amin'Andriamanitra aloha, ny fomba izay hifadianao hanina – ekeo ny fitarihany anao mba hahazoanao manokana fotoana bebe kokoa hiarahana Aminy amin'ny alalan'ny fivavahana ?

Avy eo dia manasa anao izahay hiaraka aminay mandritra ny andro natokana ho an'ny fivavahana sy fifadian-kanina iarahana amin'ny fiangonana. Na dia misafidy ny tsy hifady hanina aza ianao, dia miaràha aminay amin'io andro fivavahana io. Mandania fotoana alohan' ireo fotoam-pivavahana amin'ny andro Sabata hivavahana sy hanasana an'Andriamanitra mba hanomana ny fonareo sy ny sainareo. Manasà Azy ianao handresy lahatra anao ny amin'ny fahotana rehetra izay mampisaraka anao Aminy. Ekeo ireo. Mangatàha fanadiovana, fanasitranana ary famelan-keloka. Angataho Izy hampiseho aminao izay olona tokony hivavahanao. Ento ireo anarana ireo amin'ny fotoam-bavaka amin'ny Sabata, ary hiaraka hivavaka ho azy ireo isika.

Misy olona sasany tsy mahazo aina rehefa mivavaka amin'ny feo avo, noho izany dia mandositra ny fotoana fiaraha-mivavaka iombonana izy ireo. Manasa anao izahay hiaraka aminay na dia izany aza. Afaka manao vavaka mangina miaraka aminay ianao, manandratra ny antom-bavaka ho an'ny hafa sady koa mivavaka ho an'ireo olona sy zavatra izay entin'Andriamanitra ao am-ponao. Ary ho an'ireo izay matahotra sao dia tsy « tsara loatra » ny vavaka ataony, dia fantaro fa Andriamanitra dia tsy mihaino ny tenintsika fotsiny fa mijery ny fontsika koa. Tsy mijery ny vavaka tsy dia tsara loatra izy fa kosa mijery ny fahatsoram-pon'ireo mpivavaka izay mitady Azy. Raisiny mandrakariva na dia ireo vavaka tsy tomombana aza, na teo amin'ny fanononana ny teny izany, na koa tsy voalaza mazava tsara ilay tonom-bavaka. Na dia tsy mahay mivavaka aza isika, dia fantany. Mihaino izy. Ary manasa antsika Izy mba hiara-mivavaka.
« Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky etỳ ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany. » (Mat. 18:19).

Manantena anao hiara-mivavaka aminay izahay.